



# NY FANORENAN'NY FITONDRA- PANJAKAN'ANDRIAMANITRA




"Dia tezitra tamin'ilay  
vehivavy ny dragona ka  
lasa nandeha hiady  
tamin'ny zanany sisa, izay  
mitandrina ny  
didin' Andriamanitra sy  
mitana ny filazana an'i  
**Jesosy**"  
(Apokalypsy 12:17)





Rehefa mandinika ny tontolo manodidina antsika isika dia mahita fa misy lalàna nataon'Andriamanitra hifehy azy ireny. Lalàna izay mamaritra, ohatra, ny fomba fitomboana sy fivelaran'ny zavamananaina iray. Misy lalàna izay miaro antsika tsy hipitika rehefa mihodina amin'ny hafainganam-pandeha avo ny Tany amin'ny lalana voatondro iodinany amin'ny masoandro.



Namorona Lalàna izay manoro antsika ny tokony hataontsika ihany koa Andriamanitra, dia lalàna izay mifehy ny mponin'ity tontolo ity sy ny mponin'ny tontolo hafa, anisan'izany ny anjely.

Nataon'Andriamanitra ao amin'ny zavaboary manan-tsaina rehetra eto amin'izao tontolo ary rehetra izao izany Lalàna izany (Rom. 2:15). Saingy, naolan'ny fahotana ny Lalàna ao anatintsika. Noho izany, Andriamanitra mihitsy no tsy maintsy nanome izany amintsika tamin'ny alalan'ny feo sy soratra (Deo. 4:13).



**Ny lalàna:**

▶ Ny Lalàna ao amin'ny Fitoerana Masina any andanitra.

▶ Ny Lalàna mandrakizay.




**Ny Sabata:**

▶ Ny hevitry ny Sabata.

▶ Ny Sabata sy ny andro farany.



**Ny Lalàna, ny Sabata ary ny fiankohofana.**





# NY LALÀNA AO AMIN'NY FITOERANA MASINA ANY AN-DANITRA

**"Ary novohana ny tempolin' Andriamanitra any an-danitra, ka hita ny fiaran'ny fanekeny tao anatin'ny tempoliny" (Apokalypsy 11:19a)**




**Nahita ny fitoerana masina any an-danitra novohana i Jaona, ka "hita" tao ny fiaran'ny fanekena (Apok. 11:19). Moa nafenina ve hatramin'izay ny fiara tao amin'ny fitoerana masina any an-danitra? Inona no asehon'io fahitana io?**

**Mba hahatakarana io fahitana io, dia tsy maintsy mijery ny fitoerana masina eto an-tany isika, sy ny fombafomba nankalazaina tao.**

**"Voaafina" mandritra ny taona ny fiaran'ny fanekena, ary amin'ny Andro Fanavotana ihany no "ahitana" azy (Lev. 16:2, 12-13). Amin'io andro io no anaovana ny fitsarana, ary foana tanteraka ny fahotana (Lev. 16:30).**

**Ny fahitana nomena an'i Jaona dia mampiseho fa, fotoana fohy taoriana kelin'ireo fahitana ao amin'ny toko faha-11 (izany hoe, rehefa niparitaka marobe ny Baiboly tamin'ny fiandohan'ny taonjato faha-19), no nanomboka ny Fitsarana any an-danitra.**

**Toy ny kopia eto an-tany, dia mirakitra ny didy 10 izay hitsarana antsika ny fiaran'ny fanekena. Ao koa ny rakotra fanaovam-panavotana, izay tandindon'ny famindram-pon'Andriamanitra, dia ny ran'i Jesosy mandrakotra ny fahotantsika (1Pet. 1:18-19; 1Jao. 2:2; Sal. 85:10).**




# NY LALÀNA MANDRAKIZAY

“Aza ataonareo fa tonga Aho handrava ny lalàna na ny mpaminany; tsy tonga Aho handrava, fa hanatanteraka” (Matio 5:17)

Na dia mahazatra aza ankehitriny ny mandre fa nofoanan’i Jesosy teo amin’ny hazo fijaliana ny didy 10, dia tsy izany no fampianaran’ireo mpanavao fivavahana, ary tsy izany koa no ampianarin’ny Baiboly.

Na dia marina aza fa, tsy manan-kery intsony teo amin’ny hazo fijaliana, ireo lalàna sy fombafomba mifandraika amin’ny fitoerana masina eto an-tany, dia tsy izany no nitranga ny amin’ny Lalàna môraly (Efes. 2:15).



Mandrakizay ny Lalàn’Andriamanitra, tsy lany andro, tanteraka, ary mifehy ny fitondran-tenan’ny voary manan-tsaina rehetra noforonin’Andriamanitra (Sal. 19:7; 119:142; Rom. 7:7, 12, 16, 22, 25; 1Jao. 3 :4).

Ny tena marina, dia mandrakizay ny Lalàna satria fanehoana ny toetran’Andriamanitra mihitsy.



## Ny toetran’Andriamanitra

“Rariny sy fitsarana no fanorenan’ny seza fiandriananao” (Sal. 89:14a)

“Famindram-po sy fahamarinana no mialoha ny tavanao.” (Sal. 89:14b)

## Ny Lalàna


“Fa marina ny didinao rehetra.” (Sal. 119:172b)

“Marina ny lalànao.” (Sal. 119:142b)



# NY HEVITRY NY SABATA

“Mahatsiarova ny andro Sabata hanamasina azy” (Eksodosy 20:8)



Ny didy fahefatra dia mitaky fitandremana ny Sabata noho ny antony roa: satria Andriamanitra no namorona antsika (Eks. 20:8-11); ary satria Izy no nanavotra antsika (Deot. 5:12-15).

Ho antsika, ny Sabata dia fiatoana isan-kerinandro mba hiderana Ilay Mpamorona antsika; hibanjinana ny fitiavany manavotra; ary ahatsiarovana ny teny fikasany fa hiaina miaraka Aminy ao amin’ny Famoronana Vaovao isika. Raha azo tsara izany, dia fitahiana manokana avy amin’Andriamanitsika ho antsika ny Sabata.

Etsy an-danin’izany, dia mampahatsiahy antsika an’Andriamanitra izay tia antsika loatra ka tsy nandao antsika na dia nanalavitra Azy aza isika ny Sabata. Tandindon'ny fitsaharana fa tsy asa; ny fahasoavana fa tsy ny fitandreman-dalàna ho fitadiavam-pamonjena; toky fa tsy fanamelohana; ny fiankinana amin’Andriamanitra hamonjy antsika, fa tsy amin’ny herin'ny tenantsika manokana.



Amin’ny fitandremana ny Sabata, dia maneho ny fahatokiantsika amin’Andriamanitra sy ny faniriansika hanompo Azy irery ihany isika.



# NY SABATA SY NY ANDRO FARANY

“Ary navela hanisy aina ny sarin'ny bibidia izy, mba hahateny ny sarin'ny bibidia, ary hampamono izay rehetra tsy mety miankohoka eo anoloan'ny sarin'ny bibidia” (Apokalypsy 13:15)

Ny Apokalypsy 13 dia maneho ireo fahefana samihafa ampiasain'i Satana hamitahana an'izao tontolo izao hialany amin'Andriamanitra. Misy ifandraisany amin'ny fiankohofana ny zava-drehetra ao amin'io toko io (Apok. 13:4, 8, 12, 15).

Ny iray amin'ireo fahefana voalaza dia maneho mivantana an'ilay tandroka kely ao amin'ny Daniela 7, izay mitady hanova fotoana sy lalàna (Apok. 13:5; Dan. 7:25 – mitovy ihany ny fe-potoana 42 volana sy ny fetr'andro iray sy ny fetr'andro roa ary ny antsasaky ny fetr'andro).

Io fahefana io dia nanafoana ny didy faharoa (fiankohofana amin'ny sary), ary nanova ny fahefatra (fotoana fiankohofana), namindra ny fahamasinan'ny Asabotsy ho amin'ny Alahady.

Amin'ny fotoana farany, dia hoterena hiankohoka amin'ny “sary” izy amin'ny fandrarana tsy hividy na hivarotra [asa voarara amin'ny Sabata] (Apok. 13:14-17). Io “mariky ny bibidia” io no tandindona manambara amintsika ny amin'ireo izay manaiky ny Alahady naorin'ny olombelona ho andro fiankohofana, fa tsy ny Asabotsy naorin'Andriamanitra.





NY LALÀNA, NY SABATA  
ARY NY FIANKOHOFANA

«nanao tamin'ny feo mahery hoe: "Matahora an'Andriamanitra, ka omeo voninahitra Izy; fa tonga ny andro fitsarany; ary miankohofa eo anoloan'izay nanao ny lanitra sy ny tany sy ny ranomasina ary ny loharano"» (Apokalypsy 14:7)



Ny hafatra telo izay toriana mandritra ny andro farany dia mifandray amin'ny fiankohofana, dia amin'ny Sabata sy ny Lalàn'Andriamanitra izany.

**Hafatra voalohany**

**Apokalypsy 14:6-7**

**Miomàna ho amin'ny fitsarana (izay ny Lalàna no fenitra), ary miankohofa amin'ny Mpamorona (araka ny ampahatsiahivan'ny Sabata antsika)**

**Hafatra faharoa**

**Apokalypsy 14:8**

**Mialà amin'ireo rafi-pivavahana izay manolotra fiankohofana sandoka amin'Andriamanitra**

**Hafatra fahatelo**

**Apokalypsy 14:9-11**

**Manapaha hevitra ny amin'izay hiankohofana sy ny fomba hiankohofana: Andriamanitra amin'ny fitandremana ny Sabata; na ny fahavalo amin'ny fanekena ny marika**



**Toetra roa miavaka tsara no aseho ny amin'ireo izay mijoro mahatoky amin'ny andro farany: "izay mitandrina ny didin'Andriamanitra sy ny finoana an'i Jesosy" (Apok. 14:12).**

**Mba ahafahany mitandrina ny didy amin'ireo fotoan-tsarotra ireo dia mila mandray ny finoan'i Jesosy izy ireo: tsy azo hozongozonina; lalina; feno fitokiana; tsy azo resena.**

**“Raha notandremana eran'izao tontolo izao ny Sabata, dia ho voatarika ho eo amin'ny Mpamorona ny saina sy ny fitiavan'ny olona, amin'ny maha-tokony hanajana Azy sy hiankohofana Aminy, ary tsy ho nisy na oviana na oviana mpanompo sampy, na ny mpandà ny fisian'Andriamanitra, na tsy mpino. Ny fitandremana ny Sabata no famantarana ny firaiketam-po amin'Andriamanitra marina, “Ilay nanao ny lanitra sy ny tany ary ny loharano.” Noho izany ny hafatra izay mibaiko ny olona hiankohoka eo anatrehan'Andriamanitra sy hitandrina ny didiny dia miantso azy ireo amin'ny fomba manokana hitandrina ny didy fahefatra”**